**ECAR DIOCESE ANTSIRABE**
**Commission Santé JMJ Mada X**
**AKANY AFAKA Lot 1118 A 250**
**MAHAZOARIVO NORD**
**Antsirabe 110**

**FANENTANANA MOMBA NY FEPETRA ARA-PAHASALAMANA**

**Ho an'ny diosezy rehetra mandray anjara amin'ny JMJ MADA X Antsirabe,**

Votoatiny: **Fanentanana momba ny fepetra ara-pahasalamana mialoha, mandritra ny dia, eo am-pahatongavana, mandritra ny JMJ ary amin'ny fiverenana.**

**Isika mpandray anjara, isika mpiandraikitra ny fahasalaman'ny mpivahiny**
Toy ny tamin'ny JMJ teo aloha, ary araka ny fivoriam-ben'ny CES/CDS manerana ny diosezy 22 tamin'ny volana desambra 2021 lasa teo, dia ampahatsiahivina ny fandraisana anjaran'ny tompon'andraikitra ara-pahasalamana isaky ny diosezy sy ny fandraisana an-tànana ny fahasalaman'ny mpivahiny rehetra any am-piaingana, mandritra ny dia mandra-pahatongavany aty Antsirabe sy amin'ny fiverenana any amin'ny toerana niaviany. Hotohizana amin'ny fiaraha-miasa amin'ny ekipa sy ny Vaomeran'ny Fahasalamana JMJ Mada X aty an-toerana izany fandraisana an-tanana izany mandritra ny fivahinianana.

***Noho izany, ny vaomieran'ny Fahasalamana JMJ Mada X dia miangavy ny Diosezy mpandray anjara rehetra, mba handray ny fepetra ara-pahasalamana ilaina ho an'ny mpivahiny tsirairay nisoratra anarana manomboka any am-piaingana, mialoha, eny an-dalana ary eo am-pahatongavana.***

***Ireto ary ny fepetra arahina  sy ny toromarika samihafa :***

***A – Fepetra arahina  ho fandraisana an-tanana ny mpivahiny  mandritra ny  fiomanana  sy eny an-dàlana :***

1. Mialoha ny fiaingàna hamonjy an'Antsirabe, dia  hisy ny fizaham-pahasalamana hataon'ny Dokotera any an-toerana  mba ho fantatra mialoha izay olana ara-pahasalamana mety hisy amin'ny mpivahiny tsirairay. Tsy atao lavitra loatra ny fotoana hiaingana ny fizaham-pahasalamana sao misy fiovan-javatra tampoka: jereo Certificat medical (fanamarinam-pahasalamana) ampiarahana amin'ity.

2. Io fanamarinam-pahasalamana io dia taratasy mipetraka hahafahana manara-maso ny fahasalaman'ny mpivahiny eny an-dalana, mandritra ny JMJ Mada X manontolo ary amin'ny fodiana.

3. Tsy maintsy misy mpiasan'ny fahasalamana tompon'andraikitra isaky ny fiara tsirairay vita "visite technique"  sy "désinfection"

4. Ny « trousse médicale » mifandraika amin'ny tranga-na tsy fahatantesana dia:
    - homen'ny CDS

- misy ny lisitry ny zavatra rehetra ao anatiny (fitaovana, fanafody misy “date de peremption, …)” , lisitra misy sonian’ny Dokotera mpandrindra ny CDS any an-toerana sy ny mpiasan’ny fahasalamana mandray izay tompon’andraikitra ny trousse
- misy ny laharan’ny fiara

5. Atao ROA (2) ny lisitry ny mpivahiny : ny iray mijanona ao anatin’ny fiara, ny iray miaraka amin’ny mpiandraikitra ny fahasalamana.
6. Raha sanatria misy voina eny an-dàlana ka tsy vitan’ny mpiasan’ny fahasalamana tompon’andraikitra, dia ny manatona ny CSB sy/na ny Centre Hospitalier akaiky indrindra.
7. Eo am-pahatongavana any Antsirabe, toerana hivahinianana, dia hangonin’ny Commission Santé JMJ Mada X ny « trousses » rehetra, rehefa hita ny zavatra niala tao anatiny ary hofenoina indray izay banga rehefa hody ka hatolotra ny tompon’andraikitra ara-pahasalamana isaky ny fiara.
8. Ady amin’ny Covid-19: ***Miantoka tanteraka ny fahazoantsika manatanteraka ny JMJ Mada X ny fitandremena rehetra mba tsy hiparitahan’ny valan’aretina. Noho izany dia hajaina ireto fepetra ireto :***

   - Raha misy tranga mampiahiahy dia tsara raha manao test Covid any an-toerana, ka raha sanatria « positif » dia mijanona avy hatrany
   - Fakàna ny hafanan’ny mpivahiny tsirairay mialoha ny hiditra ny fiara,
   - Fanaovana aro-vava/orona tsy tapaka,
   - Fanasàna tanana matetika arak’izay azo atao indrindra alohan’ny sakafo.
   - Asiana « gel désinfectant » isaky ny fiara mba hitsinjovana ny hamehana.

9. Mba hisorohana ny mety hitrangan’ny aretina vokatry ny sakafo tsy ara-pahasalamana dia :
   - amporisihina ny mpivahiny hahandro sakafo eny amin’ny toerana fandraisana eny an-dalana.
   - Fadiana ny sakafo saro-devonina na mavesatra eny an-dalana.

***B – Fepetra sy toromarika ara-pahasalamana manaraka ny fandaminana ho an’ny mpivahiny mandritra ny JMJ Mada X.***

1. Eo am-pahatongavana dia samy hanana TOBY ny Diosezy tsirairay miaraka amin’ireo tompon’andraikitry ny fiara hatrany am-piandohana.
2. Hatolotra ny mpiandraikitra ara-pahasalamana ao amin’ny toby ny « trousse médicale » sy izay rehetra ao anatiny: atao lisitra mazava ary manao sonia ny roa tonta.
3. Raha misy tsy fahampian’ny fanafody na fitaovana, dia ny mpiandraikitra ny toby no afaka maka izay ilaina any amin’ny mpiandraikitra ny Site misy azy amin’ireto fotoana ireto :
   - Maraina : 9 ora – 11 ora
   - Tolakandro : 2 ora – 4 ora
4. Ny mpiandraikitra ara-pahasalamana ao amin’ny centre d’accueil no mandray an-tanana izay marary avy ao aminy, toy izany koa ireo marary tampoka eo anelanelan’ny 12 sy 2 ora, sy mandritra ny alina.

Raha tsy vitan'ireo, dia mandalo ao amin'ny mpiandraikitra ny Site izay manapa-kevitra raha ilaina ny mankany amin'ny toeram-pitsaboana.

5. Ny mpitsabo avy ao amin'ny Commission JMJ Mada X dia mitondra ***Fehin-tsandry (brassard) MAITSO*** izay hamantarana azy manokana mandritra ny fotoan'ny JMJ Mada X manontolo.
6. Hisy trano lay fitsaboana mandritra ny Lamesa fanokafana sy fanirahana mba hiantohana ny fahasalaman'ny mpivahiny ka ny marika hahafantarana ny mpitsabo dia ilay fehintsandry maitso hatrany.
7. Ny mpivahiny manana areti-mitaiza dia tsy maintsy mitondra ny fanafody ilainy amin'izany, ary izany dia tokony ho voasoratra ao amin'ny taratasy nanaovany ny fizaham-pahasalamana mialoha ny fiaingana.

Ny Vaomieran'ny Fahasalamana JMJ Mada X, dia mankasitraka sahady ny firotsahantsika mpiasan'ny fahasalamana isan'ambaratonga sy isan-tsokajiny.